SYSTÈME AGROFORESTIER BOIS ET ENERGIE (SAFBE): KININIA SY VOLY AN-TANETY (VARY, MANGAHAZO, VOANJOBORY, SNS)

4% ny velaran-tany amin'ny faritra afovoan'i Madagasikara ihany no misy ala. Azo lazaina ho tena kelikely anefa izany! Ambony be anefa ny filana ara-kazo sy angovo ka miteraka tsindry mafy amin'ny rakotr'ala izany.
Feralitika ny karazan-tany eto amin'ny faritra afovoany ka ambany ny tahan'ny otrikaina ho an'ny voly.

FAMARITANA
Ny ala vadim-boly SAFBE dia fomba fambolena manambatra ny HAZO sy ny VOLY FIHINANA ao anaty tanim-boly iray, amin'ny tany misolampy (pente +15%).

TOMBONY
1. Mamaly ny filàna ara-tsakafo sy hazo ary kitay
2. Miaro ny tany tsy ho kaohion'ny riaka
3. Mampitombo ny karazam-bokatra



DINGANA FAMETRAHANA SAFBE

Vadi-bainga lalina 30cm MAI - JUIN

Fametrahana tsatoka mielanena 3m

Famafazana ny voly (Vary, voanjo, voanjobory) OCT-NOV-DEC

Fametrahana zezika isan-davaka (6T/hs) OCT-NOV-DEC


Mandavaka 40cm x 40cm x 40cm DÉC-JAN

Asiana zezika ary averina ao ny ranon-tany


Volena ao amin'ilay lavaka ny zana-kazo JAN-FEV

Asiana zezika ny hazo NPK 11-22-16 / 120g isaky ny hazo JAN-FEV

Fiotazana ny vokatra

Fanomanana ny fombolena manaraka Vadi-bainga

FAMBOLENA IREO VOLY FIHINANA

VOLY	FAMAFAZANA	ELANELANA	VOA ISAKY NY LAVAKA	FIOTAZANA
Vary	Octobra-Novambra	20cm x 20cm	8	Aprily-May
Katsaka	Octobra-Novambra	50cm x 50cm	2	Mars
Voanjo	Octobra-Novambra	30cm x 30cm	2	Aprily-May
Voanjobory	Octobra-Novambra	30cm x 30cm	2	Aprily-May
Tsaramaso	Novambra-Desambra	30cm x 30cm	2	Aprily-May
Mangahazo	Novambra-Desambra	50cm x 50cm	1	Mandavan-taona
Vomanga	Mandavan-taona	50cm x 50cm	1	Mandavan-taona